

« Vary amin'anana »

Niisa 25 ireto mpianatra iray kilasy ao amin'ny kilasy famaranana. Efa hamarana ny teovolana faharoa amin'ny taom-pianarana ireto ankizy. Efa somebiseby ery eo am-piandrasana ny fotoam-panadinana.

- « Fa maninona ho'aho i Soa no tsy miresaka mihitsy ? tu vois, tout le monde parle ». Hoy ity tovolahy iray mpiara-mianatra amin'i Soa. Nitsatsaingoka izany sady naneso tamin'izato fihomehy hafahafa i Hanta, iray kilasy amin'izy ireo : « zany koa ka anontaniana, hita fa olona tsy mahay teny Frantsay, tsy mahay n'inona n'inona io ka ho sahy hiteny ! hahaha » sady nihomehezan'ireto mpianatra toa lasa sarintsarim-bazaha i Soa. « c'est pourquoi elle ne parle jamais ! sao dia hohainina eo ! » . « ary zany no mahatonga azy tsy mba miteny Frantsay mihitsy fa gasy petaka foana no teny ampiasainy kay e ! » hoy ny hafa nanamafy izato famelezana an'i Soa. Toy izany hatrany no toetra asehon'ireto mpianatra isaky miresaka ka tsy maheno an'i Soa miteny Frantsay any anaty resany any.

Rehefa tonga ary ny fanadinana hamaranana ity telovolanana faharoa, tonga teo amin'ny taranja Malagasy ny taranja anadinana. Niavaka kosa anefa ny fomba fanadinana satria nasaina nomanina ary hasehon'ny mpianatra tsirairay am-pahibemaso izany. Nahita fifaliana aoka izany i Soa teo am-panomanana ny lahatsoratra haseho, taranja isan'ny tiany ny taranja Malagasy. Ny fanontaniana dia naneho ny fanandratana ny teny Malagasy manao hoe : « ny teny vary amin'anana iainan'ny tanora ankehitriny, hatraiza ny fetrany ? » iretsy namany kosa toa nangasihasy noho izy ireo mampiasa fatratra ny teny vary amin'anana. Ny fahitany ity fanontaniana dia toa manameloka azy ireo sahady ka na hanoratra izay ho valiny aza toa nahasadaikatra azy ireo.(...)

Tonga ny fotoana nanehoan'ny tsirairay ny heviny. Isan'ny fepetra notakiana ny tsy hitenenana afa-tsy teny malagasy mandritra ny fanehoana am-pahibemaso. Nifandimby nandeha ireto mpianatra miaingitaingitra amin'izato tsy teniny. Tao ireo nanohana fa «tsara ny fampiasana teny vary amin'anana » satria « mahalaza tsara ny tiany hambara hono », hoy ny iray, « tsy manana teny Malagasy mahadika azy tsara hono », hoy ny ankilany ; « mba tsy mamantana be koa rehefa miteny olona iray » hoy ny filazan'ny hafa, « mariky ny olona mahara-pandrosoana kosa » hoy ny sasany. Nivoaka sempotra ery ireto tanora nanazava ny heviny tamin'ny Teny Malagasy kanefa nanelingelina ny sofina teny antsefantsafany teny

ireo voambolana vahiny toy ny hoe : « donc, ainsi, alors, par consequant, c'est pourquoi, je veux dire... » mbola vary amin'anana ihany no naroson'izy ireo ny mpihaino.

Isan'ny niavaka kosa ny fanehoan-kevitr'i Soa. Tonga tamin'ny anjarany izy. Naneho fa « ny teny vary amin'anana aminy dia toy ny vary amin'anana tokoa, manamora ny asa atao. Tsy lany fotoana hitady laoka be, tsy lany fotoana hahandro laoka koa ! tsotra sady mora atao ny vary amin'anana. Toa tsara tsiro zato izy saingy tsy hay anavahana izay tena tsiron'ny vary sy tsiron'ny anana. Toy izany koa » hoy i Soa nanamafy amin'izato fahaizany mandahateny amin'ny teny Malagasy, « Toy izany koa ny teny vary amin'anana, izany hoe mampifangaro ny teny Malagasy sy ny teny Frantsay rehefa miresaka. Andaniny, toa mora ny miteny azy, tsy mampite hiasa saina hitady sy hampiasa ny voambolana sahaza. Toa tsara sy lazaina fa maharaka lamaodim-pandrosoana aza ireo izay mampiasa azy ; kanefa toa tsy izay loatra rehefa halalinina. Raha hasaina tenenina amin'ny Teny Frantsay na Teny Malagasy daholo izay fehezanteniny, dia hita fa sahirana ireo tanora mampiasa io teny vary amin'anana io. » Nanitrikitrika ihany i Soa fa « sady tsy hain'ny tanora ny tenin-drazany no tsy hainy tsara akory izato teny baiko mba hihaingoany sy hihamboany ho fandalanam-pandrosoana. Ankilany, manao ny Teny Malagasy ho maivana sy tsy misy lanjany ary tsy mahalaza zavatra, ka lazaina fa tsy mazava raha tsy tenenina na ampiharoana teny vahiny. Manana teny maro isan-karazany ny Teny Malagasy izay tena mahalaza zavatra, mahalaza hevitra tokoa, ary misy aza isika Malagasy irery no manana ireo voambolana sasany izay tsy voadikan'ny tenim-pirenena hafa toy ny : fihavanana, valitanana, firaisankina, fatidrà sy ny maro hafa... Noho izany, voafetra ihany ny fampiasana io teny vary amin'anana io. Tsy hahazo hampiasa izany rehefa hanao fanadinana, na hanao fitsapana raha horaisina hiasa amina orinasa...teny tokana no takiana any, na tenin-drazana na teny Frantsay...Tiako ny Teniko » hoy i Soa « ary lalaiko sy ampiasaiko fa manan-karena voambolana maro ; izany tsy midika fa tsy mila ny tenim-pirenena hafa aho...izany no itiavako ny miteny ny tenin-drazako isaky ny miteny aho, araka ilay fiten'olo-malaza iay izay hoe : « Andrianiko ny Teniko, ny an'ny hafa koa feheziko ! » nandritra ny fanehoan-kevitr'i Soa, dia tsy nisy mihitsy teny Hafa na iray aza ! tehaka fankasitrahana no navalin'ny mpanatrika ny lahatenin'i Soa.

Rehefa tonga ny valim-panadinana, akory izato hafalian'i Soa nandray ny voka-piezahany fa izy no nahazo naoty ambony indrindra tamin'ny taranja Malagasy. « Na matsiro aza ny vary amin'anana, voafetra ihany izany » hoy i Soa, nitsiky malefaka nijery ny

takela-pilazam-pahaizana. Nanomboka teo dia nihanisandraatra ny fiainan'i Soa ka isaky ny misy fifaninana dia anisan'ireo mpandray anjara nahazo ny fankasitrahana izy.

RANDRIANOHERY Sedrampitia Nisi